





Ireo ambaratongan'ny adin-tsaina efatra

	Ireo famantarana fa eto amin'ity ambaratonga ity ianao	Inona no atao
<p>MAITSO</p> 	<p>Fahatokisan-tena</p> <p>Fahasambarana</p> <p>Mahatsapa ho vonona hiatrika ireo fanamby</p> <p>Miarina haingana rehefa misy tsy fahombiazana</p> <p>Mifandray tsara amin'ny hafa</p> <p>Mahatsapa ny Fanahy</p>	<p>Izay no idealy. Eto ianao dia mahafehy tsara ireo zavatra manorisory isan'andro eo amin'ny fiainana, sady mianatra, ary mivoatra.</p> <p>Tohizo ny fanaovana izay tsara indrindra avy aminao sy ny fahatokisanao ny Tompo.</p>
<p>MAVO</p> 	<p>Mahatsapa ho mora hantsina, na miahiahy, tsy matoky tena, mitebiteby, na tsy vonona</p> <p>Manana olana amin'ny fifandraisana amin'ny hafa</p> <p>Manana fahasarotana amin'ny fahatsapana ny Fanahy</p>	<p>Tsy hoe hafahafa akory ny mitoetra mandritra ny fotoana vitsy eo amin'ny ambaratonga mavo.</p> <p>Ny hatsaram-panahinao amin'ny tenanao rehefa miatrika ireo olana sy mianatra fahaiza-manao vaovao dia hanampy anao ho lasa matanjaka kokoa sy hampitombo ny fahafahanao manao zavatra. Tohizo ny fivavahana ary ataovy izay tsara indrindra avy aminao. Mitodiha any amin' ny Tompo mba hahazoana fanampiana, dia andramo ny sasany amin'ireo fahaiza-manao izay hianaranao mandritra ity lesona ity.</p>
<p>VOLOM-BOASARY</p> 	<p>Harerahana (ara-batana sy ara-pihetseham-po)</p> <p>Faharariana (ohatra, marary vavony)</p> <p>Mora tezitra</p> <p>Mahatsapa ho kivy be</p> <p>Tsy fahafahana mahatsapa ny Fanahy</p>	<p>Tsy misy tia ny ao amin'ny ambaratonga volom-boasary amin'ny adin-tsaina, saingy zara raha maharitra izany.</p> <p>Mivavaha mba hahazo fitarihana rehefa mandalina ny soratra masina ianao ary ampiharo ireo soso-kevitra ato amin'ity lesona ity. Raha toa ianao ka mijanona eo amin'ny ambaratonga volom-boasary mihoatra ny telo andro, dia avelao ny ray aman-dreninao na ny olon-dehibe azo itokisana hahalala izany mba hahafahan'izy ireo manampy.</p>
<p>MENA</p> 	<p>Fahaketrana, fitaintainana, na tebiteby tsy an-kiato</p> <p>Fahakiviana tanteraka</p> <p>Malain-komana na tsy mety mahita tory (mety hitarika ho amin'ny faharariana)</p> <p>Mahatsapa ho tototra</p> <p>Tsy mahavita mandroso eo amin'ny fiainana</p> <p>Mahatsapa ho nilaozan' Andriamanitra</p>	<p>Raha toa ianao ka eto amin'ity ambaratonga ity, dia miresaha amin'ny ray na reny na olon-dehibe azo itokisana mba hanampy anao.</p> <p>Hevero ny hikatsaka fanampiana avy amin'ny matihanina sy hangataka tsodranon'ny fisoronana. Azonao atao ny maka fotoana manoratra ao amin'ny diarinao sy misaintsaina ny soso-kevitra ato amin'ity lesona ity. Ajanon'ny kely angamba aloha ireo zavatra izay tena manahirana anao mandrapahazoanao fahafahana hiresaka amina olon-dehibe azo itokisana.</p>